Constitutions[1] des prêtres du Prado

Lalam-panorenan'ny Fikambanan' ny Pretran' ny Prado[2]

Nous avons ajouté un titre à chaque paragraphe qui ne fait pas partie du document original mais permet de trouver rapidement le numéro des constitutions recherché.

Chapitre 1 : Origine et nature de l' « Association des Prêtres du Prado »

1. Le fruit d'une grâce accordée par l'Esprit-Saint à Antoine Chevrier

L'« Association des Prêtres du Prado » est le fruit d'une grâce accordée par l'Esprit Saint à l'Eglise en la personne d'Antoine Chevrier, prêtre du diocèse de Lyon, en vue de l'évangélisation des pauvres.

Envoyé en 1850 par son évêque à la Guillotière, faubourg populaire de Lyon, ce prêtre, passionné de Jésus-Christ, cherchait à le faire connaître et aimer. Il souffrait de la séparation qui existait entre l'Eglise de son temps et cette population de « pauvres », « d'ignorants » et de « pécheurs ».[3] La misère du peuple, constatée une fois de plus lors des inondations de 1856, bouleversait le cœur du vicaire de la paroisse Saint André.

Toko Voalohany : Ny niandohan'ny "Fikambanan' ny Pretran'ny Prado" sy ny maha izy azy

1.

Ny "Fikambanan'ny Pretran'ny Prado" dia vokatra azo avy amin'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina nomeny ny Eglizy tamin'ny alalan'i Mompera Antoine Chevrier, pretra tao amin'ny diosezin'i Lyon, noho ny faniriany hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ireo mahantra.

Rahefa nalefan'ny evekany ho any "La Guillotière", tanàna kely be mponina tao Lyon, tamin'ny taona 1850 ity pretra babon'i Kristy ity dia nikatsaka mandrakariva ny hampahalala sy hampitia an'Ilay nambabo azy. Nampijaly azy fatratra, tamin'izay fotoana izay, ny nahita ny fisarahan'ny Eglizy tamin'ireo vahoaka *"mahantra", "tsy nahay na inona na inona"* sy *"mpanota"*[4]. Nanampy trotraka izany ny fahitany ilay tondra-drano tamin'ny taona 1856, ka nanohina mafy ny fon'ilay pretra mpanampy tao amin'ny paroasin'i Masindahy André.

---

1 Bien que le Prado soit canoniquement un « institut séculier de droit pontifical » et donc, engage bien plus qu'une association, on a gardé le terme « association » parce que c'est celui que le Père Chevrier a donné à sa fondation. Il l'emploie dans un des derniers textes écrits par lui avant de mourir, intitulé : « But fondamental de l'Association des Prêtres du Prado ». Cet important document est joint en annexe u premier règlement des Prêtres du Prado, approuvé en 1878 par l'archevêque de Lyon.

2

3 Ce sont là des termes que le Père Chevrier employait souvent.

4 Ireo ny teny fampiasan'i Mompera Chevrier matetika.

2. En méditant le mystère de l'Incarnation la nuit de Noël 1856

En méditant le mystère de l'Incarnation, la nuit de Noël 1856, Antoine Chevrier reçut des lumières qui allaient fixer l'orientation de sa vie et de son ministère auprès des pauvres. C'est à Saint André, disait-il, qu'est né le Prado. C'est en méditant la nuit de Noël sur la pauvreté de notre Seigneur et de son abaissement parmi les hommes que j'ai résolu de tout quitter et de vivre le plus pauvrement possible… C'est le mystère de l'Incarnation qui m'a converti… Je me disais : le Fils de Dieu est descendu sur la terre pour sauver les hommes et convertir les pécheurs. Et cependant, que voyons-nous ? Que de pécheurs il y a dans le monde ! Les hommes continuent à se damner. Alors, je me suis décidé à suivre notre Seigneur Jésus-Christ de plus près, pour me rendre plus capable de travailler efficacement au salut des âmes. Et mon désir est que vous-mêmes, vous suiviez aussi notre Seigneur Jésus-Christ de près.[5]

3. Demander la grâce de la pauvreté et des collaborateurs

A la lumière de « ce beau mystère de l'Incarnation »[7], Antoine Chevrier demande la grâce de la pauvreté et se décida à marcher sur la voie « de l'amour véritable », « qui nous rapproche de Jésus-Christ de plus près, en nous conformant à lui, à sa vie »[8] et à sa mission.

Il se sentit appelé à s'associer, puis à former des collaborateurs ayant la même vocation : dans l'Esprit de Dieu, participer à la consécration et à la mission de Jésus-Christ pour annoncer la Bonne Nouvelle du Royaume aux

2.

Teo am-pandinihana ny zava-miafin' ny Fahatongavana ho Nofo, ny alin'ny Noely taona 1856, dia nahazo fahazavana i Mompera Antoine Chevrier. Tsirim-pahazavana manamarika ny fiainany sy ny asam-panompoana hatombony ho an'ireo mahantra. *"Tao amin'ny paroasin'i Masindahy André no teraka ny Prado",* hoy izy. *"Teo am-pandinihana* ny zava-miafin'ny *Noely momba ny fahantran'ny Tompontsika sy ny fidinany ho ety amin'ny olona no nanapahako hevitra handao ny zavatra rehetra sy hiaina araka izay tratra ny fahantrana... Ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofo no nampibebaka ahy... Hoy aho anakampo : Tonga teto an-tany ny Zanak'Andriamanitra mba hamonjy ny olona ary koa hampibebaka ireo mpanota. Inona anefa no hitantsika ? Mpanota maro hitantsika ! Mitohy mamery tena ny olona. Koa tapaka ny hevitro fa hanaraka an'i Jesoa Kristy Tompontsika akaiky kokoa mba hahafahako miasa amim-pahombiazana amin'ny famonjena ny fanahy. Ny faniriako dia ny hahita anareo ihany koa manara-dia akaiky an'i Jesoa Kristy Tompontsika."*[6]

3.

Noho ny fahazavan'izany "*zava-miafina mahatalanjona ny Fahatongavana ho Nofo izany"*[9] dia nangataka ny hahazo ny fahasoavan'ny fahantrana i Mompera Antoine Chevrier, ary nanapa-kevitra ny hizotra amin'ny lalan'ny *"fitiavana tena izy", "izay mampanakaiky antsika kokoa an'i Jesoa Kristy, rahefa miezaka ny hanahaka azy amin ny fiainany"*[10] sy amin'ny asany isika.

Nahatsiaro voaantso hikambana izy ary hanomana mpiara-miasa mitovy antso aminy handray anjara amin'ny fanamasinana amin'ny irak'iJesoa Kristy eo ambany fitarihan'ny fanahin'Andriamanitra, amin'ny fitoriana ny Vaovao

---

5 Récit de la « conversion » du Père Chevrier à Noël 1856 d'après le témoignage de Sœur Véronique et de Jean-Marie Laffay (Procès, Tome 2, p. 7 et 97-98)

6 Tantaran'ny fibebahan'i Mompera Chevrier tamin'ny Noely 1856 araka ny fijoroana vavolombelona nataon'i Masera Véronique sy Jean Marie Laffay (Procès Tome 2p 7 9798).

7 Lettres du Père Chevrier, n°49

8 « Le Véritable Disciple, p. 121.

9 Taratasin'i Mompera Chevrier faha-49

10 Ny Mpianatra Marina, p. 121

pauvres et rendre visible une communauté chrétienne au milieu d'eux.[11]

4. Faire de l'Evangile la règle de notre vie, connaître Jésus-Christ, c'est tout

Le Père Chevrier nous apprend à faire de l'Evangile notre règle de vie et la source de notre action apostolique auprès des pauvres. Voici comment il exprimait lui-même le but du Prado :

« Ne sommes-nous pas là pour cela et pour cela seul : connaître Jésus-Christ, son Père et le faire connaître aux autres ?… C'est là notre vie, notre amour ».[13]

5. Poussé par la rencontre des pauvres de ce monde, suivre le Christ à la crèche, la croix, au tabernacle

Poussés aujourd'hui par la rencontre des pauvres de notre monde, en prenant comme guide spirituel Antoine Chevrier, nous nous engageons à nous donner « entièrement » au Christ, le Verbe fait chair, et à nous laisser conduire et modeler par son Esprit, pour « être tout à Lui » et le « suivre » dans tous les aspects de sa vie d'Envoyé a Père.[15]

« Comme le Père m'a envoyé, moi aussi, je vous envoie »[17] : cette parole de Jésus, sans cesse méditée par le Père Chevrier, est la source de sa compréhension de la mission du prêtre et de sa manière de la vivre. Le « Tableau de Saint-Fons », dans lequel il contemple la façon dont le Verbe a accompli sa mission d'Envoyé du Père[18], nous trace le chemin à parcourir afin

mahafaly amin'ireo mahantra ary mba haneho hita maso ny maha-fianakaviambe ny kristianina eo afovoan'izy ireo.[12]

4.

Ampianarin'i Mompera Antoine Chevrier isika mba hanao ny Evanjely ho fitsipiky ny fiainantsika sy ho loharano ipoiran'ny asa fanirahana ataontsika eo amin'ireo mahantra. Toy izao indrindra no nanehoany ny tarigetry ny Prado :

"Tsy izao tokoa moa ve no antom-pisiantsika ary ho an'izany ihany : hahalala an'i Jesoa Kristy sy ny Rainy, ary ny hampahafantatra Azy amin' ny hafa ?... Izany no fiainantsika sy fitiavantsika."[14]

5.

Eo am-panatonana ireo mahantra ankehitriny, dia i Mompera Antoine Chevrier no raisintsika ho mpitarika ara-panahy ho arahina; ka noho izany dia manolo-tena *"tanteraka"* isika ho an'i Kristy, Ilay Teny tonga Nofo, ary koa omentsika fahefana tanteraka ny Fanahy Masina hitarika sy hamolavola, mba *"ho Azy tokoa isika"* ka *"hanaraka"* Azy amin'ny lafim-piainana naha-Iraky ny Ray Azy.[16]

"*Tahaka ny nanirahan'ny Raiko Ahy no anirahako anareo koa"*[19] : ity tenin'i Jesoa izay nosaintsainin'i Mompera Chevrier tsy an-kijanona ity, no loharanon'ny fahazahoany ny fanirahana ny Pretra sy ny fomba fiainany. Ny *"*Tabilaon'i Saint-Fons*"*, izay ibanjinany ny fomba nanantanterahan'i Jesoa

11 Cf. Jn 10,$_{36}$; Lc 4,$_{18}$; P.O., n°2

12 Joany 10, 36 ; Lioka 4, 18 ; Presbiterorum Ordinis lah.faha-2

13 Lettres, n°231.

14 Taratasy faha-231

15 Cf. V.D., p.46 et 116

16 Ny Mpianatra Marina, p. 46 sy 116

17 Jn 20,$_{21}$

18 « Jésus-Christ est l'envoyé de son Père. Le prêtre est l'envoyé de Jésus-Christ. Tout ce que Jésus-Christ a dit de lui-même sous ce titre, le prêtre doit se l'appliquer à lui-même. Il est revêtu comme Jésus-Christ, des caractères d'un envoyé et doit en remplir les obligations. » (Cahier « apôtres », p.226 ; Ms X,22)

19 Joany 20, 21

que nous devenions des disciples et des apôtres de Jésus-Christ parmi les pauvres.

« Sacerdos alter Christus. Nous devons reproduire dans toute notre vie celle de Jésus-Christ notre modèle : être pauvre comme lui dans la crèche, être crucifié comme lui sur la croix pour le salut des pécheurs et être mangé comme lui dans le sacrement de l'Eucharistie. Le prêtre est comme Jésus-Christ, un homme dépouillé, un homme crucifié, un homme mangé. »[21]

Pour la formation des membres de sa famille, le Père Chevrier a écrit « le Véritable disciple », où il nous fait connaître l'essentiel de sa pensée sur la vie du « prêtre selon l'Evangile » et les orientations fondamentales de « l'Association des Prêtres du Prado ».

En faisant ainsi le choix de suivre Jésus-Christ en tout dans la voie de l'Evangile, nous sommes sûrs de procurer la gloire de Celui qui nous envoie, de travailler efficacement au salut des hommes et de trouver parmi les déshérités de ce monde, la joie et le bonheur promis par Jésus à ses disciples.

6. Un institut séculier qui comprend des prêtres et des laïcs consacrés

L' « Association des Prêtres du Prado », pour vivre sa vocation et sa mission au sein de la vocation et de la mission apostolique du Peuple de Dieu, constitue un institut séculier de droit pontifical, régi selon le droit de l'Eglise pour les instituts séculiers.

L'institut comprend des prêtres et des laïcs consacrés. Les prêtres vivent cette vocation apostolique dans leur condition de prêtres séculiers, c'est-à-dire

ny asany amin'ny maha-Iraky ny Ray[20] azy, dia manoritra amintsika ny lalana aleha, mba hahatonga antsika ho mpianatra sy apostolin'i Jesoa Kristy eo anivon'ny mahantra.

"Sacerdos alter Christus". Izany no tsy maintsy hanehoantsika indray eo amin'ny fiainantsika ny toe-piainan'i Jesoa Kristy, ilay ohatra velona ho antsika, tonga olona mahantra toa azy tao an-tranon'omby, voafantsika eo ambony hazofijaliana ho fanavotana ny mpanota isika, ho sakafo velona toa azy ao amin'ny Sakramentan'ny Eokaristia; ny pretra dia toa an'i Jesoa Kristy : olona mety endahina, olona voafantsika teo amin'ny hazofijaliana, olona azo aroso ho sakafo hivelomana hatrany"[22].

Ho fanabeazana ny mpikambana ao amin'ny Prado dia nanoratra ny *"Mpianatra Marina" na "Ny Akama azo antoka"* 'i Mompera Antoine Chevrier; ka ao anatin'io boky io izy no mampahalala antsika ny lafiny mafonja teo amin'ny fandinihany ny fiainan'ny *"Pretra araka ny Evanjely"* ary omeny ao koa ny tsangan-kevitra lehibe hitondrana ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado".*

Ny safidintsika hanaraka an'i Jesoa Kristy amin'ny lafim-piainana manontolo araka ny lalan'ny Evanjely no azoantsika antoka ny fanomezam-boninahitra an'Ilay naniraka antsika, ny safidintsika io koa dia manampy antsika hahomby amin'ny asa fanavotana ny olona, ary koa hahitantsika hafaliana sy hasambarana eo am-panompoana ireo mahantra araka ny efa nampanantenain'i Kristy an'ireo mpianany.

6.

Ho fiainana sy fanatanterahana ny antso sy ny maha-iraka azy manokana, ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"* dia mijoro ho "*Institut séculier clérical de droit pontifical*"; ka voafehin'ny lalàn'ny Eglizy miadidy ny "Instituts séculiers".

Ny "Institut", dia mitambatra ho ivotoeran'ny pretra sy lahika nanokan-tena. Ny pretra izay miaina ity antso apostolika ity amin'ny maha-pretra azy,

[20] Jesoa Kristy no iraky ny Ray. Irak'i Jesoa Kristy ny Pretra. Izay rehetra nolazain'i Jesoa Kristy momba tahaka an'i Jesoa Kristy izy, ary tokony hanantanteraka ny fanompoany (Boky fanoratana « Apostoly », P.226 ; Ms X, 22

[21] Lettres, n°53

[22] Taratasy faha-53

comme prêtres dans le monde, coopérateurs de l'ordre épiscopal et serviteurs du peuple de Dieu à l'intérieur d'un presbyterium, recevant donc immédiatement de l'évêque du diocèse leur mission canonique.[23] Les laïcs consacrés vivent cette même vocation dans le monde, en consacrant toute leur vie dans la voie de l'Evangile et en participant à la tâche d'évangélisation de l'Eglise.

L'ensemble des statuts s'applique aux laïcs consacrés comme aux prêtres, sauf les points qui sont relatifs à l'exercice du ministère.

izany hoe pretra eo amin'izao tontolo izao, dia mpiara-miasa amin'ny eveka sy mpanompon'ny vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny presbyterium. Noho izany dia mandray avy hatrany amin'ny evekan'ny diosezy ny iraka kanonika izy ireo.[24] Ny lahika nanokan-tena dia miaina ity fiantsoana ity eo amin'izao tontolo izao, amin'ny fanamasinana ny fiainany rehetra ao amin'ny lalan'ny Evanjely, ary mandray amin'ny asa fitoriana ataon'ny Eglizy.

Ny fitambaran'ny sata mifehy dia mihatra amin'ny lahika nanokan-tena toy ny pretra, afa-tsy izay mikasika manokana ny asan'ny ministera maha-mpisorona.

Première Partie : Vocation et mission du Prado au sein des Eglises diocésaines

Fizarana Voalohany : Ny antso sy ny iraky ny Prado eo anivon'ny eglizy diosezanina.

Chapitre 2.
La vocation apostolique des pradosiens

« l'Esprit du Seigneur est sur moi parce qu'il m'a conféré l'onction pour annoncer la Bonne Nouvelle aux pauvres. » (Luc 4,18)

7. Une vocation en Eglise

C'est en Eglise que grandit notre vocation pradosienne de disciples et d'apôtres de Jésus. Conscients de nos limites et dans l'humilité, nous rendons grâces au Père de ce qu'il nous a accordé un attrait spécial qui nous porte à connaître Jésus-Christ, à nous donner à Lui, et à marcher, avec Lui et comme Lui, à la rencontre des pauvres, des opprimés et des pécheurs, pour partager leur vie et y témoigner, dans la force de l'Esprit, de la Bonne Nouvelle du Royaume.

Par l'imposition des mains et l'onction de l'Esprit, ceux d'entre nous qui

Toko faharoa :
Ny antso apostolikan'ny pradoziana

"Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, fa nanosotra ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo izy sy naniraka ahy hankahery ny torotoro fo" (LK 4, 18)

7.

Ao amin'ny Eglizy no itomboan'ny antso maha-mpianatra sy irak'i Jesoa ny pradoziana. Tsapany ny fetra misy aminy, kanefa amim-panetren-tena no isaorany ny Ray izay nanome azy hery manokana izay mahatonga azy hahalala an'i Jesoa Kristy, hanolo-tena ho Azy, hiara-dia aminy, ho toa Azy, handray ny mahantra sy ny ampahoriana ary ny mpanota, hiombom-piainana amin'izy ireo, ka haneho, noho ny herin'ny Fanahy Masina, ny Vaovao Mahafalin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

Amin'ny alalan'ny fametrahan-tànana sy ny fanosorana masina, ireo

[23] Cf. L.G., n°28 et P.O., n°2
[24] Cf. L.G, n°28 sy P.O., n°2.

ont été ordonnés prêtres, sont constitués ministres de Jésus-Christ auprès des nations, assurant le service sacré de l'Evangile. La grâce de notre sacerdoce qui nous configure au Christ prêtre pour nous rendre capables d'agir au nom du Christ Tête en personne, nous presse de vivre notre ministère en véritables disciples de Jésus-Christ au service des pauvres.[25]

Ceux d'entre nous qui sont laïcs, désirent témoigner de la fécondité apostolique du charisme du Prado dans une vie de baptisé au milieu des réalités du monde. Notre consécration au Christ pour le suivre de plus près nous entraîne à faire une offrande de tout nous mêmes « en sacrifice vivant, saint et agréable à Dieu »[27], afin de devenir, si nous sommes fidèles, un signe du Royaume parmi les pauvres.

Les divers membres du peuple de Dieu avec lesquels nous collaborons pour que nos Eglises locales puissent réaliser leur mission, contribuent à nous faire découvrir les chemins que nous avons à prendre pour la mise en œuvre, dans nos diocèses, de notre vocation particulière. Ils doivent pouvoir aussi compter sur notre fidélité pour accomplir la vocation qui est la leur.

8. Témoins de l'envoyé du Père en nous rendant disponible à son Esprit qui nous appelle à suivre le Christ à la crèche, à la croix, au tabernacle

Afin de devenir, en accomplissant l'œuvre de Dieu, disciples et témoins de l'Envoyé du Père, nous travaillons à nous rendre disponibles à son Esprit qui nous appelle à suivre le Christ dans « la crèche, le calvaire, et le tabernacle ». Voilà les étapes à parcourir et les signes à donner pour que les hommes puissent rencontrer sur leur chemin des témoins de Jésus-Christ[29]

namany izay nohamasinina ho pretra dia tonga *mpanompon'i Kristy eo anivon'izao tontolo izao hiahy ny fanompoana masin'ny Evanjely.* Ny fahasoavana maha-mpisorona izay *mampitovy endrika azy amin'i Kristy Mpisorona, ka mahatonga azy ho afaka hiasa amin'ny anaran'i Kristy Filoha dia mandrisika azy hiaina ny asa fitoriana ho tena mpianatr'i Kristy tokoa* amin'ny fanompoana ny mahantra[26].

Amin'ny alalan'ny fiainana ny batemy kosa no anehoan'ireo lahika havany eo anivon'izao tontolo izao ny faniriany hampiseho ny vokatry ny asa fanirahana mifototra amin'ny aingam-panahin'ny Prado. Ny fanokanan-tena ataony ho an'i Kristy mba hanara-dia Azy akaiky kokoa dia mitarika azy hanolotra ny tenany *ho tonga "sorona velona, masina sy ankasitrahan' Andriamanitra"*[28], ka raha tsy mivadika izy dia ho tonga famantarana ny Fanjakana eo anivon'ny mahantra.

Ireo sokajin'olona izay mandrafitra ny Vahoakan' Andriamanitra sy iarahany miasa ho fanatanterahana ny iraka nankinin' ny Eglizy misy azy sy ny diosezin'y dia manampy azy hahita lalana izay nofidiny manokana. Tokony hatoky azy koa izy ireo amin'ny fanatanterahana ny antson' Andriamanitra ao aminy.

8.

Mba ho tonga mpianatra sy vavolombelon'ny iraky ny Ray, eo am-panatanterahana ny asan'Andriamanitra dia miasa izy hahatonga azy ho vonona ho an'ny Fanahy izay miantso azy hanaraka an'i Kristy, *"any amin'ny tranon'omby, any amin'ny hazo fijaliana, any amin'ny tabernakla"*. Ireo no dingana harahina sy famantarana aseho mba ho hitan'ny olona te-hihaona amin'ny vavolombelon'i Jesoa Kristy[30].

25 cf. P.O., n°2
26 Cf. P.O., n°2.
27 Rm 12,1 ; cf L.G., n°10
28 Rom.12, 1
29 Cf. Lettres, n.117
30 Cf. Taratasy, faha-117

« La crèche, voilà le commencement de toute œuvre de Dieu »[31]

9. Poussés par l'Esprit à suivre le Christ à la crèche

L'Esprit du Père qui a guidé la vie et la mission de Jésus, nous conforme à sa condition de « serviteur »[33] et nous pousse à suivre le Christ, qui, « par son Incarnation, s'est lié aux conditions sociales et culturelles des hommes avec lesquels il a vécu ».[34] Par cette communion à la démarche du Verbe qui s'est fait pauvre pour nous enrichir de sa pauvreté[35], nous avons l'assurance de devenir plus capables d'annoncer l'Evangile à tous les hommes, riches ou pauvres, savants ou ignorants, bons ou mauvais.[36]

Cette grâce, que nous accueillons dans la joie, nous engage d'abord à aller avec le Christ dans la crèche pour nous y faire pauvre[41]. « C'est le premier exemple que Jésus-Christ nous donne en entrant dans le monde »[42] Avec l'enfant de Bethléem qui a révélé à tout homme son inaliénable dignité, nous sommes envoyés, en Eglise, de préférence vers les délaissés de la société, afin d'épouser par amour leurs conditions de vie : ils pourront ainsi reconnaître, à travers notre ministère apostolique, la présence du Christ vivant et leur grandeur de fils de Dieu. « j'irai au milieu d'eux et je vivrai de leur vie ; ces enfants verront de plus près ce qu'est le prêtre et je leur donnerai la foi. »[43]

« Ny tranon' omby : io no fanombohan' ny asan' Andriamanitra rehetra[32] »

9.

Ny Fanahin'ny Ray izay nitarika ny fiainana sy ny asan'i Jesoa no mampifandrindra azy amin'ny "*toetra maha-mpanompo*"[37] azy, ary manosika azy hanara-dia an'i Kristy ilay *"tonga nofo, ka niray petsapetsa ara-piaraha-monina sy kolontsaina tamin 'ireo mpiara-belona aminy*[38]. Vokatr'io fiombonana niainan' ilay Teny izay *nietry ho mahantra mba hampanakarena amin'ny fahantrany io*[39], dia manana antoka tanteraka ny Pradozianina fa ho afaka hitory ny Vaovao mahafaly amin'ny olon-drehetra, na manan-karena na mahantra, na manam-pahaizana na bado, na tsara fanahy na ratsy fanahy[40].

Ity fahasoavana raisiny an-kafaliana ity dia mahatonga azy, voalohany indrindra, "hiara-dàlana amin'i Kristy ao an-tranon omby ka hahatonga azy ho mahantra koa"[44]."Izany no ohatra voalohany nomen'i Kristy antsika tamin'izy tonga tamin'izao tontolo izao"[45] Amin'ny alalan'ilay Zaza tao Betilehema, izay nanambara tamin'ny olombelona ny hasiny tapitr'ohatra, dia irahina izy eo anivon'ny Eglizy, raha azo atao eo amin'ireo izay ataon'ny fiaraha-monina an-kilabao indrindra, mba handray am-pitiavana ny fomba fiainan'izy ireo; amin'izay dia fantatr'izy ireo, noho ny asa fanirahana ataony, ny fisian'i Kristy velona sy ny halehiben'ny maha-zanak'Andriamanitra azy ireo. "Ho eo anivon'izy ireo aho ary hiaina ny fiainan'izy ireo; ho hitan'ireo zaza ireo akaiky fa izany no

31 Lettres, n°49
32 Taratasy faha-49
33 Ph 2,7
34 Ad Gentes, n°10.
35 2 Co 8,9
36 Cf Mt 22,10
37 Fil 2, 7
38 Ad Gentes, n°10
39 2 Kor 8, 9
40 Cf Mt 22, 10
41 V.D., p. 341
42 V.D., p.407.
43 Cahiers de Perrichon

Pretra ary homeko azy ireo ny finoana"[46].

« La croix, c'est le salut, c'est la gloire »[47]

10. Accepter d'être crucifiés avec le Christ

L'Esprit du Christ, Bon Pasteur qui donne sa vie pour ses brebis[49], nous appelle à vivre aujourd'hui son obéissance filiale au Père, sa prière d'intercession, sa compassion pour les pauvres et les pécheurs, sa manière d'annoncer la venue du Règne de Dieu et d'y ouvrir les cœurs, sa patience dans la formation de ses apôtres, ses combats libérateurs contre l'esprit du monde, les idoles et la fausse religion.

Cette vie apostolique implique que nous portions tous les jours, avec joie et amour, la croix qui vient de la mission elle-même, de la solidarité avec nos peuples, d'une vie selon l'Evangile et de la fidélité à l'Eglise.[51]

« Instruire, reprendre, corriger, donner l'exemple, convertir, tout cela ne peut se faire sans souffrance »[53] Celle-ci est « le grand signe de l'amour véritable », « le caractère d'un véritable apôtre de Jésus-Christ »[54] Nous acceptons, comme l'apôtre Paul, d'être crucifiés avec le Christ, « afin que la vie de Jésus soit elle aussi manifestée dans notre chair mortelle. »[55]

« Ny Hazofijaliana : famonjena sy voninahitra[48] »

10.

Ankehitriny, ny Fanahin'i Kristy *Mpiandry Ondry Tsara izay mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny*[50], dia miantso azy mba hiaina ny fankatoavan-janaka ny Rainy, ny fitalahoany, ny fangorahany ny mahantra sy ny mpanota, ny fomba nitoriany ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra ka anokafany ny fo amin'izany, ny faharetany manabe ny Apôstôly, ny ady nataony hanafahana amin'ny herin'izao tontolo izao, ny sampy sy ny fivavahan-diso.

Takian'ity fiainana maha-iraka ity ny hitondrany an-kafaliana sy am-pitiavana isan'andro ny hazo fijaliana izay vokatry ny fanirahana ihany, sy ny fiaraha-mientana amin'ny vahoaka ary ny fiainana araka ny Evanjely ombàn'ny tsy fivadihana amin'ny Eglizy.[52]

"Mampianatra, mananatra, manitsy, manome ohatra, mampibebaka : ireo rehetra ireo dia tsy vita raha tsy ao anatin'ny fijaliana"[56]. lo no "famantaram-pitiavana marina", "ny maha-apôstôlin'i Jesoa Kristy tokoa".[57] Toa an'i Paoly Apôstôly, dia ekentsika ny hifantsika miaraka amin'i Kristy, "mba hisehoan'ny fiainan'i Jesoa koa amin'ny nofontsika mety maty".[58]

---

44 Ny Mpianatra Marina, p. 341
45 Ny Mpianatra Marina, p. 407
46 Cahiers de Perrichon
47 V.D., p. 330.
48 Ny Mpianatra Marina, p. 330
49 Jn 10,11
50 Jn 10, 11
51 Cf. V.D., p.329 à 333
52 Ny Mpianatra Marina, p. 329 à 333
53 V.D., p.478.
54 V.D., p.486.
55 2 Co 4,11 ; cf. Ga 2,19 et 6,14
56 Ny Mpianatra Marina, p. 478
57 Ny Mpianatra Marina, p. 486
58 2 Kor. 4, 11 cf. Gal. 2, 19 et 6, 14

« Prenez et mangez : devenir du Bon Pain »[59]

11. « Prenez et mangez » comme devise spirituelle

L'Esprit d'amour qui brille dans le Christ ressuscité, Pain de vie pour tout homme, nous rendra capables de devenir du bon pain pour le peuple et, en particulier, pour les membres des communautés que nous sommes appelés à édifier avec les pauvres.

Pour que cet amour remplisse totalement notre vie et notre ministère, nous sommes appelés à vivre la chasteté dans le célibat.

Dans le mystère de l'Eucharistie, en communiant à la Parole et au Corps du Christ, nous sommes invités à nous offrir chaque jour en sacrifice[60], afin de devenir une nourriture pour tous ceux qui cherchent une réponse d'amour, de vérité et de libération définitive. « Nous prendrons pour devise de charité cette parole de Notre Seigneur : Prenez et mangez, nous regardant comme un pain spirituel qui doit nourrir tout le monde par la parole, l'exemple et le dévouement »[61].

Disciples de Jésus-Christ

12. Consacrer beaucoup de temps à contempler Jésus-Christ dans l'Ecriture

Cet appel à reproduire dans nos vies les traits distinctifs du Sauveur exige que nous consacrions beaucoup de temps à la contemplation et à l'étude de l'Envoyé du Père. Pour y parvenir, étudier Jésus-Christ tel qu'il se révèle à nous dans les Ecritures et dans la Tradition vivante de l'Eglise, sera toute notre étude sous la conduite de l'Esprit[64]. « Aucune étude, aucune science ne doit être préférée à celle-là. C'est la plus nécessaire, la plus importante,

« Samia mandray, sy mihinana amin'ity ianareo »

11.

Ny Fanahin'ny fitiavana izay namirapiratra tao amin'i Kristy nitsangan-ko velona, *mofon'aina* ho an'ny olona rehetra no *ahafahantsika hanjary mofo tsara* ho an'ny vahoaka, fa indrindra ho an'ireo ao anatin'ny ankohonam-piangonana izay niantsoana antsika mba hiorina miaraka amin' ireo mahantra.

Mba tena hanenika tanteraka ny fiainantsika sy ny fandraharahana masina ataontsika io fitiavana io, dia antsoina isika hiaina ny fahadiovana amin'ny maha-mpitovo, tokantena.

Ao amin'ny zava-miafin'ny Eokaristia, izay iombonana amin'ny Teny sy ny Vatan'i Kristy, no anasàna antsika hanolo-tena isan'andro ho sorona[62], mba hanjary sakafo ho an'ireo rehetra mitady valim-pitia sy fahamarinana ary fahafahana tanteraka. *"Raisinay ho tarigetry ny asam-pitiavana ity tenin'ny Tompontsika ity : Samia mandray sy mihinana amin'ity ianareo, eo ampiheverana antsika ho toy ny mofom-panahy hamelona ny olon-drehetra amin'ny alalan'ny teny, ny oha-piainana ary ny fahafoizan-tena."*[63]

Mpianatr'i Jesoa Kristy

12.

Io fiantsoana antsika hampitombo amin'ny fiainana ireo toetra nampiavaka an'llay Mpamonjy io, dia mitaky ny fahafoizantsika fotoana amin'ny fibanjinana sy amin'ny fianarana an'ilay Iraky ny Ray. Mba hahatongavana amin'izany, dia ny mianatra an'i Jesoa Kristy araka ny anambaràny tena amintsika ao amin'ny Soratra Masina sy ao amin'ny Lovantsofina velona ao amin'ny Eglizy, no hanokafantsika ny fianarana rehetra ataontsika eo ambany

59 Tableau de Saint Fons.
60 Cf. P.O. n°5 et 13.
61 V.D., p.418
62 Cf. P.O. n. 5 et 13.
63 Ny Mpianatra Marina, p. 418
64 Cf. Règlement du Père Chevrier de 1857.

surtout à celui qui veut être prêtre, son disciple, parce que cette connaissance seule peut faire les prêtres[65].

« Connaître Jésus-Christ, aimer Jésus-Christ, imiter Jésus-Christ, suivre Jésus-Christ, voilà tout notre désir, voilà toute notre Vie ! »[68]

13. Dans la contemplation de l'Ecriture, prendre Jésus-Christ comme seul maître pour conduire les petits à la foi et transformer le monde

Cette contemplation de la beauté, de la grandeur et de la bonté du Verbe fait chair, nous entraîne à le prendre « pour notre seul et unique Maître »[70] Choisis pour être à Lui, nous le suivons comme « un ami qui en suit un autre »[71]. En lui donnant toute notre confiance[72], nous n'avons d'autre désir que de nous remplir de son Esprit. Attachés à Jésus-Christ comme à « notre Lumière » et à « notre Sagesse »[73], nous croyons que sa parole s'accomplira en nous : « Vous êtes le sel de la terre, vous êtes la lumière du monde. »[74].

Par l'Etude d'Evangile, la prière, la contemplation de la vie de l'Eglise

fitarihan'ny Fanahy[66]. *"Tsy misy fianarana, tsy misy fahaizana hafa tokony ho katsahina ankoatr'izany. Io no tena ilaina sy tena zava-dehibe, indrindra ho an 'izay manam-paniriana ho pretra, ho mpianany, satria io fahalalana io ihany no afaka mamolavola ireo pretra"*[67].

« Mahalala an'i Jesoa Kristy, tia an'i Jesoa Kristy, maka tahaka an'i Jesoa Kristy, manara-dia an'i Jesoa Kristy; izany no tena faniriantsika, izany no tena Fiainantsika »[69].

13.

Io fibanjinana ny hatsarana sy fahalehibeazana ary ny halemem-panahin'ilay Teny tonga nofo io no mitaona antsika handray azy "*ho hany Mpampianatra tokana"*[75]. Voafidy ho Azy isika, ka manaraka Azy toy *"ny namana izay manara-dia namana iray hafa"*[76]. Eo am-panolorana azy ny fitokisantsika rehetra[77] isika, dia tsy manana fanirian-kafa intsony afa-tsy ny ho feno ny Fanahiny. Mifikitra amin'i Jesoa Kristy toy ny "*Fahazavantsika*" sy toy ny "*Fahendrentsika*"[78], no inoantsika fa ho tanteraka ao amintsika ny teniny hoe *: "lanareo no fanasin'ny tany, ianareo no fahazavan'izao tontolo izao*[79]".

Amin'ny alalan'ny Fianarana ny Evanjely, ny vavaka, ny fibanjinana ny

65 V.D., p.113.
66 Cf. Fitsipi-piainan'ny Monpera Chevrier tamin'ny taona 1857.
67 Ny Mpianatra Marina, p. 113
68 But fondamental de l'Association des Prêtres du Prado.
69 Tanjona fototry ny Fikambanan'ny Pretran 'ny Prado.
70 V.D., p.95 ; et aussi V.D., p.119.
71 V.D., p.45.
72 Cf. V.D., p.45.
73 V.D., p.89.
74 Mt 5,13-14
75 Ny Mpianatra Marina, p. 95 et 119.
76 Ny Mpianatra Marina, p. 45.
77 Ny Mpianatra Marina, p. 45.
78 Ny Mpianatra Marina, p. 89.
79 Mt. 5, 13-14

et de la vie des hommes, nous laissons l'Esprit former en nous Jésus-Christ dans l'action pastorale elle-même[80]. Ainsi nous devenons plus capables de transformer le monde et de conduire les petits à la foi en Jésus.

14. Annoncer l'Evangile en partageant la vie des pauvres

Puisque Dieu « a choisi ceux qui sont pauvres aux yeux du monde pour les rendre riches en foi et héritiers du Royaume qu'Il a promis à ceux qui l'aiment »[82], nous nous mettons à leur école pour devenir les disciples de l'Evangile de Jésus-Christ, en qui nous avons été établis « ministres d'une alliance nouvelle »[83]

Pour accueillir dans les peuples où nous sommes envoyés, l'Evangile que nous avons la charge de leur annoncer, l'Esprit Saint nous presse de partager la vie des pauvres de la terre et de découvrir, sous leurs traits, le visage du Christ.

Voilà pourquoi, comme Marie, « Figure de l'Eglise »[86], nous voulons garder et méditer dans notre cœur le mystère de son Fils, tel qu'il se manifeste dans la vie de tous ceux qui sont appelés à devenir son peuple.

15. accueillir avec joie les compagnons que Dieu nous donne

Pour mieux vivre notre condition de disciple et mieux accomplir l'œuvre de Dieu parmi les pauvres, nous accueillons avec joie les compagnons auxquels l'Esprit Saint communique ce même attrait et nous nous sentons appelés à chercher avec eux comment être des signes vivants du Christ, Lumière et Sauveur des hommes : « Venez, nous méditerons ensemble ces choses et nous les mettrons en pratique… Jésus sera notre Maître. Tout peut

fiainan'ny Eglizy sy ny fiainan'ny olombelona, no anomezantsika sehatra *ny Fanahy mba hamolavola an'i Jesoa Kristy ao amintsika*, amin'ny asa pastoraly[81] izay ataontsika indrindra. Araka izany dia ho afa-manova an'izao tontolo izao sy hahatarika ireo madinika amin'ny finoana an'i Jesoa isika.

14.

Satria "ny mahantra eo imason'izao tontolo izao no nofidin'Andriamanitra ho mpanankarena amin'ny finoana, sy ho mpandova ny Fanjakana nampanantenainy an'izay tia Azy"[84], dia mianatra azy ireo isika mba ho tonga mpianatry ny Evanjelin'i Jesoa Kristy, izay nanaovana antsika ho "mpandraharahan'ny Fanekem-pihavanana vaovao."[85]

Mba hahafahana mandray avy ao amin'izy ireo ny Evanjely izay tokony hotoriantsika aminy, dia mamporisika antsika ny Fanahy Masina hifampizara fiainana amin'ireo mahantra eto an-tany sy hahita ny endrik'i Kristy eo amin'izy ireo.

Noho izany, tahaka an'i Maria "*ilay Endriky ny Eglizy*"[87], no anirianay koa ny hitahirizana ao am-pontsika ny zava-miafin'ny Zanany, araka ny isehoany, eo amin'ny fiainan'ireo rehetra voantso ho vahoakany.

15.

Mba hiainantsika tsaratsara kokoa ny maha-mpianatry ny Tompo antsika, ary hanatanterahantsika tsara ny asan' Andriamanitra eo anivon'ny mahantra, dia mandray an-kafaliana ireo mpiaradia isika noho izy ireo nandray izany toetra mahasarika izany isika tamin'ny Fanahy Masina ihany koa; ary mahatsiaro tena ho voaantso miaraka amin'izy ireo hitady izay fomba hahatonga antsika ho famantarana velona an'i Kristy,

80 Ms V, p.401.
81 Ms V, p. 401.
82 Jésus-Christ 2,5.
83 2 Co 3,6.
84 Jak. 2, 5
85 2 Kor. 3, 6
86 L.G., n°63 ; cf. Lc 2,19 et 51
87 *L.G. n°63.* cf. Lk. 2, 19 sy 51

se comprendre avec lui, tout peut s'unir en lui. Il est le lien fort et inséparable qui unit les cœurs vraiment désireux de le suivre »[88]

Promesses de Jésus à ses disciples

16. Promesse du royaume faite par le Christ à ses disciples

L'Evangile nous apprend que l'efficacité apostolique auprès des pauvres est le fruit d'une vie pauvre, sacrifiée, et donnée. Pour avancer sur ce chemin, nous nous appuyons sur la puissance de l'Esprit et la foi de l'Eglise qui nous transmet les promesses faites par Jésus-Christ à tous ceux qui le suivent : « Vous êtes, vous, ceux qui ont tenu bon avec moi dans mes épreuves. Et moi, je dispose pour vous du Royaume comme mon Père a disposé pour moi : ainsi vous mangerez et boirez à ma table dans mon Royaume »[90]

Chapitre 3 : La mission de l'« Association des Prêtres du Prado »

17. Ranimer sans cesse l'élan de l'esprit qui poussait le Christ vers les pauvres

Sacrement du Christ qui est venu « annoncer la Bonne Nouvelle aux pauvres, proclamer aux captifs la libération et aux aveugles le retour à la vue, renvoyer les opprimés en liberté, proclamer une année d'accueil par le Seigneur »[92], l'Eglise est appelée à entrer dans cette même voie : annoncer l'Evangile aux pauvres afin de communiquer à tous les hommes les fruits du salut[93]

Fahazavana sy Mpamonjy ny olona : "*Avia, hiara-handinika ireo zavatra ireo isika ary hampihatra azy... I Jesoa no Mpampianatra antsika. Azo fantarina amin'ny alalany ny zavatra rehetra, afaka miray aminy ny zavatra rehetra ao. Izy no vona tsara fatotra mampiray ny fo tena maniry hanaraka Azy*"[89].

Fampanantenan'i Jesoa ho an'ireo mpianany.

16.

Mampianatra antsika ny Evanjely fa ny fahombiazana apostolika eo anivon'ny mahantra dia vokatry ny fiainana mahantra, atao sorona ary omena. Mba handrosoana amin'izany lalana izany dia miankina amin'ny herin'ny Fanahy Masina sy ny finoan'ny Eglizy isika ; ny Fanahy sy ny Fiangonana izay mampita amintsika ny fampanantenana nataon'i Jesoa Kristy amin'ireo izay manaraka Azy *:* "*lanareo moa, naharitra nanaraka ahy tamin'ireo nanjo ahy, izaho kosa hanamboatra fanjakana ho anareo, tahaka ny nanamboaran'ny Raiko fanjakana ho Ahy, mba hihinananareo sy hisotroanareo eo amin'ny latabatro any amin'ny fanjakako*"[91].

Toko fahatelo *:* Ny iraky ny "Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"

17.

Sakramentan'i Kristy izay tonga "hilaza ny Vaovao Mahafaly amin'ny mahantra, hitory fahafahana ho an'ireo voafatotra ary fahiratana ho an'ny jamba, hanome fahafahana ho an'ireo voagadra, hanambara taom-pandraisan'ny Tompo"[94], ny Eglizy dia voaantso hiditra amin'izany lalana izany : mitory ny Evanjely amin'ny mahantra mba hampitana amin'ny olondrehetra ny vokatry ny Famonjena[95].

88 Lettres, n°53.
89 *Taratasy faha 53*
90 Lc 22,28
91 Lk. 22, 28-30
92 Lc 4,18-19.
93 Cf. L.G., n°8.

L'« Association des Prêtres du Prado » participe à cette mission en aidant ses membres à suivre le chemin décrit dans le chapitre précédent. Elle doit donc ranimer sans cesse en eux, quelle que soit leur situation, l'élan de l'Esprit qui poussait le Christ à parcourir « toutes les villes et les villages, proclamant la Bonne Nouvelle du Royaume et guérissant toute maladie et toute infirmité »[96]

18. Comme association proposer des initiatives missionnaires en fonction des besoins des pauvres

L'« Association des Prêtres du Prado » doit aussi, en tant qu'institution, chercher et proposer des initiatives missionnaires en fonction des besoins des pauvres, afin que le peuple de Dieu vive davantage l'amour préférentiel du Christ pour eux.

19. Former des prêtres pauvres

Le Père Chevrier, fondateur du Prado, a eu le souci tout particulier de « préparer au sacerdoce quelques jeunes gens qui ne pouvaient aller au séminaire » pour « en faire des prêtres pauvres, crucifiés, selon Notre Seigneur, et les appliquer à des œuvres de zèle ». « Voilà notre but, disait-il… Un prêtre ne peut mieux employer sa vie que de former à l'Eglise de bons prêtres… Il me semble que c'est aujourd'hui le besoin de l'Eglise et que nous ne saurions trop faire pour arriver à ce but »[98]

A l'exemple et selon l'enseignement du Père Chevrier, depuis l'origine, des prêtres du Prado ont travaillé à la formation des prêtres. L'institut a un séminaire, dont la fondation remonte, dans son principe, au Père Chevrier lui-même.

L'« Association des Prêtres du Prado » doit se sentir particulièrement

Ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"* dia mandray anjara amin' izany iraka izany amin'ny alalan'ny fanampiana ireo mpikambana hanaraka izay voasoritra ao amin'ny toko teo aloha. Tsy maintsy mamelona mandrakariva ao amin'izireo ny hetsiky ny Fanahy izay nanosika an'i Kristy hitety *"ny tanàn-dehibe sy ny vohitra, mitory ny Vaovao Mahafalin'ny Fanjakana sy manasitrana ny aretina mbamin'ny rofy rehetra"*[97].

18.

Ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado",* amin'ny maha Fikambanana azy, dia tsy maintsy mikaroka sy mametraka sosokevitra misionera amin'ny alalan'ny filàn'ny mahantra, mba hiainan'ny vahoakan'Andriamanitra bebe kokoa ny fitiavana manokana an'i Kristy ho azy ireo.

19.

Mompera Chevrier, mpanorina ny Prado, dia niahy manokana ny fanomanana "ho mpisorona ireo tanora vitsivitsy tsy afaka mandeha any amin'ny Seminera" ho "tonga pretra mahantra, voafantsika, araka ny Tompontsika ary hampihatra izany amin'ny asa tsara". "Izany ny tanjontsika"... hoy izy. "Ny fanoloran-tena tsara indrindra ho an'ny pretra dia ny fanomanana pretra tsara ho an'ny Eglizy... Araka ny hevitro, dia io no filàn'ny Eglizy ankehitriny ary izay no tokony mba hahatratrarana io tanjona io.[99]"

Araka ny ohatra sy ny fampianaran'i Mompera Chevrier, hatrany am-boalohany, dia nandalo tamin'ny fanomanana ho pretra ny pretra Prado. Manana ivotoerana ny Seminera izay tamin'ny hevitr'i Mompera Chevrier ihany no nianorenana azy.

Tokony hahatsapa ho tena tompon'andraikitra hahasarika sy hanomana

---

94 Lk. 4, 18-19.
95 cf. L.G. n°8.
96 Mt 9,35.
97 Mt. 9, 35
98 Lettres, n°55.
99 Taratasy faha 55.

responsable de susciter et de former des prêtres pauvres pour l'évangélisation des pauvres, autant que possible parmi les pauvres eux-mêmes. Les prêtres du Prado coopéreront volontiers à la formation des prêtres.

20. Former des catéchistes pauvres pour les pauvres

Le Père Chevrier estimait que la mission du Prado consistait à former de « bons catéchistes » pour les « pauvres, les ignorants et les abandonnés de tout le monde »[100]. « Faire des catéchistes » lui paraissait être « le besoin de l'époque et de l'Eglise »[101] « Tout mon désir, disait-il, serait de préparer de bons catéchistes à l'Eglise et de former une association de prêtres travaillant dans ce but. »[102]

En parlant des catéchistes, le Père Chevrier ne désignait pas seulement les prêtres. C'est pourquoi l'« Association des Prêtres du Prado » porte toujours le souci de susciter et de former, de diverses manières selon les circonstances, des apôtres pauvres pour l'évangélisation des pauvres, capables de leur annoncer l'Evangile et de les accompagner dans leur recherche de Dieu.

Pour cela, elle cherche à mettre en œuvre la pédagogie du Maître formant ses disciples :

« Dans la fondation de l'Eglise, la plus grande œuvre du Tout-Puissant, la plus belle œuvre du monde, Notre Seigneur n'emploie aucun moyen extérieur, il prend un homme auquel il communique sa vie, son esprit, il en choisit douze qu'il forme à la vie évangélique. »[106]

pretra mahantra hanao asa fitoriana ho an'ny mahantra ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"* araka izay azo atao. Hanaraka an-tsitrapo ny fanomanana ho pretra ny Pretra Prado.

20.

Tian'i Mompera Chevrier raha miompana amin'ny fanomanana "katekista tsara" ho "an'ny mahantra, ho an'ny bado, ary ho an'ireo atao ankilabao eto amin'izao tontolo izao"[103] ny fiantsoana ny Prado aminy. Manomana katekista no filan'izao tontolo izao sy ny Eglizy"[104]. "Ny faniriako, hoy izy "dia ny hanomana katekista tsara any amin'ny Eglizy ary hanomana fikambanan'ny pretra miasa hanatratra io tanjona io"[105].

Raha miteny ny Katekista Mompera Chevrier dia tsy miantefa amin'ny pretra fotsiny izy. Izay no mahatonga ny *"Fikambanan'ny Pretra Prado*" hiahy mandrakariva ny famporisihana sy fanomanana apostoly mahantra hanao fitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra, afaka hanambara amin'izireo amin'ny fitadiavany an'Andriamanitra.

Amin'izany dia hampihatra ny fomban'Ilay Mpampianatra manomana ny mpianany izy :

"Teo am-pamoronana ny Eglizy, asa goavana indrindra nataon'Ilay Mahefa ny zavatra rehetra, asa soa indrindra teto an-tany, ny Tompontsika tsy nampiasa zavatra teny ivelany, fa olona no nalaina, nofenoiny ny Fanahiny sy ny Fiainany, nifidy ny Apôstôly roa ambin'ny folo Izy ary nanofana azy ireo amin'ny fiainana evanjelika"[107].

100 Lettres n°67, 87 et 89.
101 Lettres, n°88.
102 Lettres, n°143
103 Taratasy faha 67, 87 sy 89.
104 Taratasy faha 88.
105 Taratasy faha 143.
106 V.D., p.222.
107 Ny Mpianatra Marina, p. 222.

21. Une grâce faite à l'Eglise pour que les pauvres soient évangélisés, que leurs conditions de vie soient la référence permanente de l'action pastorale

L'« Association des Prêtres du Prado » est consciente d'avoir reçu une grâce faite à l'Eglise pour que les pauvres soient évangélisés. A l'intérieur de nos Eglises locales, nous contribuerons à ce que la personne du Christ et sa mission d'Envoyé du Père soient la source d'une intelligence renouvelée de la mission et d'initiatives apostoliques ; que les conditions de vie des pauvres et leurs cultures soient un point de référence permanent de l'action pastorale ; et que les signes du Royaume soient donnés par tout le peuple de Dieu.

Chapitre 4 : Prêtres séculiers et laïcs consacrés dans une Eglise diocésaine

22. prêtres et laïcs au service de l'évangélisation des pauvres

C'est au sein des Eglises diocésaines que les membres de l'Institut, prêtres et laïcs consacrés ou frères, vivent leur vocation évangélique au service de l'évangélisation des pauvres, selon l'état des uns et des autres.

A. Les prêtres

23. prêtres diocésains participant à tout ce qui fait la vie du presbyterium

Ordonnés dans une Eglise particulière et membres stables d'un presbyterium diocésain dont ils partagent le ministère et la fraternité sacramentelle, les prêtres du Prado participent à tout ce qui fait la vie du clergé diocésain au point de vue matériel, spirituel et pastoral.

24. L'évêque notre véritable responsable

Les prêtres du Prado reçoivent immédiatement leur charge pastorale de l'autorité diocésaine compétente. Nous regardons dans la foi notre évêque comme notre véritable responsable, dépositaire de l'autorité du Christ

21.

Mahatsapa ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"* fa mandray fahasoavana natao ho an'ny Eglizy mba hahazo ny fitoriana ny Evanjely ny mahantra. Ao anatin'ny Eglizintsika eto an-toerana dia hiasa isika mba ho loharanom-pahendrena nohavaozin'ny asa fanirahana sy ny asa apostolika ny olon'i Kristy amin'ny maha-Iraky ny Ray azy, mba ho fitaratry ny asa apostolika mandrakariva ny fomba fiainan'ny mahantra sy ny kolontsainy, ary omena ny vahoakan'Andriamanitra ny famantarana ny fanjakana.

Toko fahaefatra : Pretra tsy relijiozy sy lahika voatokana ao amin'ny Eglizy diôseziana

22.

Ao anivon'ny Eglizy ao amin'ny diosezy no iainan'ireo « Institut » ny Pretra sy ny laika voatokana atao hoe Frera, ny fiantsoan' Andriamanitra momba ny fitoriana ny Evanjely, ho an'ny mahantra araka ny toerana misy ny tsirairay avy.

A. Ny Pretra

23.

Hamasinina ao amin'ny Eglizy manokana izy ireo, mpikambana maharitra ao amin'ny vondron' ny Pretra ao amin' ny diosezy iray izay anaovany ny asa fanompoana sy ny firahalahiana ara-tsakramenta, ny Pretra Pradoziana dia mandray anjara feno tanteraka amin'ny fiombonam-piainan'ny Pretra ao amin'ny diosezy iray na ara-pitaovana, na ara-panahy na ara-pastoraly.

24.

Mitana ny anjara toerana voalohany ao amin’ny “Fikambanan’ny Pretran’ny Prado” ny fanofanana ny olona, satria izany koa no nataon’ny Tompontsika. « Hitantsika tokoa fa tsy mikely soroka hatrany izy amin’ny fanovana anaty ireo Apôstôliny. Nampianatra azy ireo tsy tapaka Izy, mamory azy ireo isaky ny misy fotoana, nametraka azy ireo eo anatrehan’ny zavatra rehetra, nanofana azy ireo amin’ny Iafiny rehetra »[285]. Tsy ho tanteraka ny fiofanana mirindra amin’ny fiainana pradozianina raha tsy misy mpanofana efa voatokana ho amin’izany. Ny asa nankinin’ny tompon’andraikitry ny “Institut” amin’izy ireo no famantarana fa i Jesoa Kristy dia manohy ny fitadiavana olona hiaraka aminy mba ho mpianatra sy Apôstôly.

Ny fanaovan’ny mpanabe ho lohalaharana amin’ny asa fanirahana azy sy ny fanokanana fotoana malalaka ho an’izany no tena maha-zava-dehibe ity adidy ity.

Anjaran’ny Tompon’andraikitra ambony ny manendry olona hisahana ny fanofanana voalohany sy ny taona pradozianina. Ny mpiandraikitra ny Prado eo an-toerana no manao izany fanendrena izany rehefa neken’ny Tompon’andraikitra foibe.

Ny fanendrena dia natao hiahy mandrakariva ny fiombonan’ny “Institut” sy hampivelatra azy, ankehitriny, araka ny namoronan’i mompera Chevrier azy manokana momba ny fanofanana.

Zava-dehibe amin’ny fanofanana koa ny tsy hiasàn’ny Tompon’andraikitra irery, fa hifarimbonan’ny mpikambana sasany ao amin’ny Prado.

Aoka tsy hisalasala ny hangataka amin’ny Eveka ny fahazoan-dalana mba hanana mpampiofana afaka hitarika ny fanofanana manokana ho an’ny Prado.

---

[284] Véritable Disciple p. 222

[285] Ny Mpianatra Marina, p. 222.

77. Etapes de la formation pradosienne :

La formation pradosienne comporte : la première formation, la formation continue et l'année pradosienne.

78. Période d'accueil

La première formation sera normalement précédée d'une période d'accueil.

Lorsque quelqu'un désire connaître la vocation apostolique du Père Chevrier et l' "Association des Prêtres du Prado", il convient de lui proposer de participer aux diverses activités que l'Institut organise : rencontres, stages etc.

79. But de la première formation qui s'étend sur deux ans

La première formation a pour but d'initier celui qui désire devenir membre de l'Institut au charisme du Père Chevrier et au genre de vie propre au Prado. Avec l'aide de celui qui a la responsabilité d'accompagner cette étape, le candidat s'exercera à la vie pradosienne sous tous ses aspects, tels qu'ils sont décrits et définis dans ces statuts. Il pourra ainsi discerner si le Seigneur l'appelle vraiment en ce sens et mûrir la décision de suivre le Christ selon le chemin proposé par le Père Chevrier dans son "Véritable Disciple".

Cette première formation s'étend sur une période de deux ans. Au terme de cette période, le candidat est invité à présenter une demande d'engagement temporaire.

80. Une formation qui n'est jamais achevée

La formation pradosienne ne doit jamais être considérée comme achevée. Elle se poursuit chaque jour et se prolonge toute la vie. Il faut que, par là, on puisse développer de réelles aptitudes en vue d'évangéliser les pauvres et de devenir des véritables disciples de Jésus Christ dans le travail apostolique de chaque jour.

Cette formation continue requiert des temps spécialement consacrés à cela. Tous les membres du Prado auront à cœur d'y participer d'une manière

77.

Toy izao ny fanofanana ato amin'ny Prado : fiofanana voalohany, fiofanana mitohy, taona pradozianina.

78.

Ny fiofanana voalohany dia tokony hialohavan'ny vanim-potoana fandraisana.

Raha misy olona maniry ny hahafantatra ny fiantsoan'Andriamanitra ho iraka araka ny hevitr'i Mompera Chevrier sy ny "*Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"*, dia tsara raha toroana hevitra mba handray anjara amin'ny sehatra nomanin'ny "Institut" : fihaonana, atrik'asa, sns...

79.

Ny tanjon'ny fiofanana voalohany ho an'izay maniry hiditra ao amin'ny "Institut" dia ny fahalalana ankapobeny ny harem-panahin'i Mompera Chevrier sy ny fomba fiainan'ny Prado manokana. Ny mpiomana, ampian'ny mpiandraikitra amin'ity dingana ity, dia hianatra ny fiainana pradozianina amin'ny lafiny rehetra araka izay voasoritra sy voafaritra amin'ny sata mifehy ny Fikambanana. Ho lanjalanjainy raha miaintso azy marina amin'ity lalana ity ny Tompo, ka ho tapa-kevitra hanara-dia an'i Kristy araka ny lalana nosoritan'i Mompera Chevrier ao amin'ny boky « Ny Mpianatra Marina ».

Maharitra roa taona ny fiofanana voalohany. Amin'ny famaranana ny fiofanana, ny mpiomana dia asaina hanolotra ny fangatahana amin'ny fanomezan-toky voafetra.

80.

Tsy azo atao ny mihevitra fa mety ho tapitra ny fiofanana pradozianina. Mitohy isan'andro izany ary maharitra mandritra ny fiainana manontolo. Avy amin'izany no tokony hampiroboroboana ny fahafahana marina amin'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra sy ho tonga tena mpianatr'i Jesoa Kristy noho ny fanatontosana isan'andro ny asa fanirahana.

Ity fiofanana mitohy ity dia mila fotoana voatokana. Ny mpikambana rehetra dia hanao ezaka tokoa amin'ny fanatanterahana azy ity ara-dalàna sy amin-

régulière et active.

81. L'année pradosienne

Par l'année pradosienne, nous voulons approfondir notre existence chrétienne et sacerdotale dans l'Eglise et dans le monde d'aujourd'hui. Il s'agit essentiellement, pendant cette année, en tenant compte de notre propre histoire, de nous laisser conduire par l'Esprit Saint, afin de vérifier sur quel fondement et avec quels matériaux, nous travaillons à l'œuvre de Dieu[286].

Cette année de vérification et de conversion se réalise par la contemplation et l'écoute du Verbe de Dieu dans son Incarnation, sa Croix et sa Résurrection, guidées par le Père Chevrier et son "Véritable Disciple".

Elle est aussi un temps de désert, de dépaysement, de silence et de prière, qui permet à l'apôtre de se dépouiller et de mourir à lui-même, afin que celui-ci devienne plus capable de travailler efficacement à l'évangélisation des pauvres.

Quelles que soient les modalités, l'année pradosienne se réalisera dans un partage de vie avec les pauvres, dans un travail d'évangélisation à leur service et dans la vie fraternelle, autant que possible sous forme de vie commune.

En entrant dans l' "Association des Prêtres du Prado", tous les pradosiens doivent être décidés à faire cette année pradosienne. Il est souhaitable de la faire en quittant ses responsabilités habituelles.

jotom-po.

81.

Mandritra ny taona pradozianina kosa no aniriantsika handalina ny maha-kristianina sy maha-mpisorona ao amin'ny Eglizy sy eo anivon'izao tontolo izao ankehitriny. Mandritra io fotoana io no anasongadinana, amin'ny alalan'ny tantaram-piainantsika manokana, ny famelàna ny Fanahy Masina hitarika antsika, mba hahafahana manamarina hoe fototra manao ahoana ary fitaovana inona avy no entintsika manatanteraka ny asan' Andriamanitra.[287]

Ity taona fanamarinana sy fibebahana ity dia tanterahina amin'ny alalan'ny fibanjinana sy fihainoana ilay Tenin' Andriamanitra tonga Nofo, ny Hazofijaliany sy ny fitsanganany ho velona, araka ny sori-dàlan'i Mompera Chevrier sy « Ny Mpianatra Marina ».

Ity taona ity koa dia fotoanan'ny tany an'efitra, fiovana tanindrazana, fotoam-pahanginana sy fivavahana, ka mahatonga ny apôstôly tsy hanana na inona na inona ary hahafoy ny ainy mba ho afaka hiasa sy hahavokatra amin'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra.

Na ahoana na ahoana ny ho fisehony, ny taona pradozianina dia ho tanterahina ao anatin'ny fiaraha-monina amin'ny mahantra eo am-panatanterahana ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly eo anivon'izy ireo ombàn'ny fiainam-pirahalahiana maka endrika fiaraha-monina araka izay azo atao.

Raha vao miditra amin'ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado",* ny mpikambana rehetra dia tsy maintsy tapa-kevitra hanatontosa ity taona pradozianina ity. Tsara raha ajanona aloha ny andraikitra mahazatra rehefa hanao an' izany.

286 Cf. 1 Co 3,9-13.
287 Cf. 1 Kor. 3, 9-13

CHAPITRE 8 :
Engagement, Incorporation, Départ.

82. Sens de l'engagement au Prado

L'engagement en réponse à l'appel du Père exprime notre décision de nous attacher pour toujours à la personne de Jésus Christ et de nous laisser façonner par son Esprit, afin de le suivre dans une vie de disciple au service de l'évangélisation des pauvres. « Je me suis décidé à suivre Notre Seigneur de plus près pour me rendre plus capable de travailler efficacement au salut des âmes ».[288]

En faisant notre engagement dans le Prado, nous nous attachons au Christ de l'Incarnation et de la Crèche, qui nous appelle à le suivre dans son chemin de pauvreté et d'humilité ; au Christ crucifié, qui nous invite à communier à son offrande et à son mystère de mort et de résurrection ; au Christ Pain vivifiant de l'humanité, qui nous communique la force de nous donner jusqu'au bout pour que les pauvres auxquels nous sommes envoyés, puissent avoir la vie.

Cette décision de nous faire disciples implique le désir de vivre en totalité la vie évangélique par amour de Jésus Christ et de ceux auxquels il nous envoie. En entrant au Prado, nous nous engageons à pratiquer la pauvreté et l'humilité, l'obéissance et la chasteté dans le célibat et enfin le don plénier de nous-mêmes au service des pauvres à l'intérieur de la mission de l'Eglise.

L'engagement pradosien crée entre nous les liens d'une véritable famille spirituelle. Nous nous engageons à aider nos frères et nous pouvons compter sur leur appui.

83. Forme de l'engagement au Prado

L'engagement se fait sous la forme d'une promesse qui lie la conscience

Toko fahavalo : Fanomezan-toky, firotsahana an-tsehatra, fialàna an-daharana

82.

Ny fanomezan-toky dia famaliana ny antson'ny Ray ka anambaràntsika ny fanapahan-kevitra hifikitra mandrakizay amin'i Jesoa Kristy sy hanaiky hovolavolain'ny Fanahiny, mba hanara-dia azy amin'ny fiainana maha-mpianatra sy mpanompon'ny Evanjely eo anivon'ny mahantra. *« Tapa-kevitra ny hanara-dia ny Tompontsika akaiky kokoa aho mba hisy vokany ny asa famonjem-panahy »*[289].

Ny toky ataontsika amin'ny Prado dia mampifikitra antsika amin'i Kristy tonga Nofo sy ny Tranon'omby, ka miantso antsika hanara-dia azy amin'ny lalan'ny fahantrana sy ny fanetren-tena; amin'i Kristy voafantsika, ka manasa antsika hiombona amin'ny fanaovana sorona ny tenany sy ny misterin'ny fahafatesany ary ny fitsanganany ho velona; amin'i Kristy Mofo mahavelona ny taranak' olombelona, izay mampita hery ho antsika hahafahana manolo-tena hatramin'ny farany ho an'ny mahantra izay anirahana antsika ka hanan'izy ireo ny fiainana.

Ity fanapahan-kevitra mba ho mpianatra dia mampangetaheta ny hiaina manontolo ny Evanjely noho ny fitiavana an'i Jesoa Kristy sy ireo olona anirahana antsika. Raha vao miditra ao amin'ny Prado isika dia manome toky fa hiaina ny fahantrana sy ny fanetren-tena, ny fanekena sy ny fahadiovam-po ao anatin'ny fitovoana ary hanolo-tena manontolo hanompo ny mahantra eo anivon'ny Eglizy.

Miteraka rohim-pihavanana ao anatin'ny fianakaviana ara-panahy marina eo amintsika samy isika ny fanomezan-toky ato amin'ny Prado.

83.

Ny fanomezan-toky dia endriky ny fampanantenana atao ka

[288] Paroles du Père Chevrier au moment de sa conversion, à Noël 1856, d'après le témoignage de J.M. Laffay (Procès de Béatification, T. 2, p. 98

[289] Tenin'i Monpera Chevrier teo amin'ny fotoana fibebahany taminy Noely 1856, araka ny fijoroana vavolombelon'i Jean-Marie Laffay (Procès de béatification, T.2, p. 98.

devant Dieu, l'Eglise et l'Institut.

L'engagement a lieu normalement au cours d'une célébration liturgique.

Dans la tradition du Prado, qui remonte au Père Chevrier lui-même, cet engagement est fait en référence explicite au Tableau de Saint Fons.

84. Place du responsable dans l'engagement

Le responsable majeur, ou son délégué, accueille l'engagement au nom de l'Eglise et de l'Institut. Il engage toute l'institution à soutenir le nouveau pradosien dans sa démarche pour que celui-ci devienne un véritable disciple et apôtre de Jésus Christ au service des pauvres.

85. Un engagement en deux étapes : temporaire et perpétuel

L'engagement se fait par étapes.

Tous les membres de l'Institut prononceront d'abord un engagement temporaire, qui porte sur une durée de cinq ans. Après cette période, qui peut être prolongée de deux ans, ils feront normalement une demande d'engagement perpétuel. La préparation à l'engagement perpétuel se fera selon les indications des divers directoires.

86. Formule d'engagement

Pour la formulation de l'engagement, on suivra ce qui est écrit dans le directoire général au n. 45 et 46.

Celui qui fait son engagement conclura par la formule suivante :

« Je me décide à suivre Notre Seigneur Jésus Christ de plus près pour me rendre plus capable de travailler efficacement au salut des hommes.

Au sein de la famille du Prado et devant l'Eglise, je promets (pour toujours) à Dieu de pratiquer selon les constitutions de l'Association :

- la pauvreté et l'humilité, pour l'amour du Christ, né dans une crèche, et

hampifamatotra ny konsiansy amin' Andriamanitra sy ny Eglizy ary ny "Institut".

Atao mandritra ny fotoam-pivavahana ny fanomezan-toky.

Araka ny fomban'ny Prado, izay fanao hatramin'ny andron'i Mompera Chevrier, dia ny *"Tabilaon'i Masindahy Fons"* no nakana amin'ny antsipiriany ny fanatanterahana ny fanomezan-toky.

84.

Ny Tompon'andraikitra foibe, na ny solon-tenany, no mandray ny fanomezan-toky amin'ny anaran'ny Eglizy sy ny "Institut". Ny mpikambana rehetra dia manome toky koa fa hanohana ny mpikambana vaovao amin'ny fiainany manontolo mba ho tena mpianatra sy irak'i Jesoa Kristy eo anivon'ny mahantra tokoa izy.

85.

Misy dingana maromaro ny Fanomezan-toky.

Ny mpikambana rehetra dia hanao fanomezan-toky voafetra, izay maharitra dimy taona ka hatramin'ny fito taona. Aorian'io fe-potoana io, dia tokony hanao fangatahana hiroso amin'ny fanomezan-toky mandrakizay izy ireo. Ny fiomanana amin'ny fanomezan-toky mandrakizay dia ny sori-dalana no hanome ny toromarika rehetra.

86.

Ny ventin-kevitry ny fanomezan-toky dia araka izay voasoratra ao amin'ny Sori-dalana ankapobeny laharana faha - 45 sy 46.

Toy izao ny firafitry ny teny famaranana ho an'izay manao fanomezan-toky :

« Tapa-kevitra ny hanara-dia an'i Jesoa Kristy Tompontsika akaiky kokoa aho mba ho tena afaka hampamokatra ny asa famonjena ny olombelona.

Manoloana ny fianakaviam-ben'ny Prado sy eto anatrehan'ny Eglizy, mianiana (mandrakizay) amin'Andriamanitra aho, hampihatra araka izay voasoritry ny Lalàm-panorenan'ny Fikambanana :

- ny fahantrana sy ny fanetren-tena, ho fltiavana an'i Kristy teraka tao

des pauvres auxquels nous sommes envoyés,
- l'obéissance, pour l'amour de Jésus qui s'est fait obéissant jusqu'à la mort de la croix, et de ceux qui portent dans leur chair la marque de la souffrance,
- la chasteté dans le célibat et le don de tout moi-même, pour l'amour de Celui qui s'est fait notre nourriture dans l'Eucharistie, et de tous ceux qui ont faim d'amour, de justice et de liberté.

Avec Marie et les autres témoins de la foi, je veux répondre ainsi à l'appel du Père, m'attacher à la personne du Christ et me laisser former par son Esprit, afin de pouvoir glorifier Dieu jusque dans mes faiblesses et travailler avec joie à l'évangélisation des pauvres ».

On pourra aussi utiliser une autre formule, à condition qu'elle reprenne les éléments essentiels de la formule indiquée ci-dessus.

87. Solliciter l'accord de l'évêque avant l'engagement

Avant la demande d'engagement temporaire, le candidat clerc sollicitera l'accord de son évêque.

88. Le responsable et son conseil responsable de l'accueil des demandes d'engagement

Il appartient aux responsables majeurs, avec l'avis de leur conseil, d'accueillir les demandes d'entrée en premières formation. La demande d'admission doit être formelle.

89. Engagement temporaire pour 5 ans prolongeable de deux ans.

Par l'engagement temporaire, le membre de l'Institut est incorporé pour une durée de cinq ans. Conformément au droit, cette durée peut être prolongée de deux ans.

Avec l'engagement perpétuel, l'incorporation devient perpétuelle.

an-tranon 'omby, sy ny mahantra izay anirahana ahy,
- *ny fankatoavana, ho fltiavana an'i Jesoa izay nankato hatramin'ny fahafatesana teo amin'ny Hazofijaliana sy ireo izay mitondra eo amin'ny tenany ny mariky ny fijaliana,*
- *ny fahadiovam-po ao anatin'ny fltovoana sy ny fanolorana manontolo ny tenako ho fltiavana an 'Ilay nanaiky hatao sakafontsika ao amin'ny Eokaristia, sy izay rehetra noana fltiavana, fahamarinana sy fahafahana.*

Miaraka amin 'i Masina Maria sy ireo vavolombelon'ny finoana, hamaly ny antson'ny Ray aho, hifikitra amin'ny tenan'i Kristy, hanaiky ny hovolavolain' ny Fanahiny, mba ho afaka hanome voninahitra an'Andriamanitra na dia ao anatin'ny fahalemeko aza, ary hanatanteraka an-kafaliana ny fitoriana ny Evanjely amin'ny mahantra ».

Azo atao ny mampiasa fomba hafa raha ohatra ka mifanaraka amin'izay voalaza etsy ambony ny votoatin-kevitra.

87.

Ny mpikambana pretra, alohan'ny hanaovany fanomezan-toky voafetra, dia hangataka alalana amin'ny Evekany.

88.

Anjaran'ny Tompon'andraikitra ambony, sy araka ny tolo-kevitr'ireo mpanolo-tsaina azy, ny mandray ny fangatahan'izay hanao fanomezan-toky amin'ny tapan'ny fanofanana voalohany. Tsy maintsy manara-penitra ny fanaovana fangatahana.

89.

Amin'ny alalan'ny fanomezan-toky voafetra no idiran'ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana mandritra ny dimy taona. Araka ny lalàna dia azo halavaina roa taona io fe-potoana io.

Amin'ny alalan'ny fanomezan-toky mandrakizay kosa no ijanonana mandrapahafaty ao amin'ny Fikambanana.

90. départs, renvois, passages à d'autres instituts

Pour les départs, renvois et passages d'un institut à un autre, on appliquera les règles du droit général (C.726 à 730)

QUATRIEME PARTIE : ORGANISATION DE L'ASSOCIATION DES PRETRES DU PRADO

CHAPITRE 9 : Organisation Générale Et Gouvernement

91. Nécessités d'articulations du corps pour faire l'œuvre de Dieu

Nous souvenant que dans l'Eglise « le Corps tout entier reçoit concorde et cohésion grâce à toutes les articulations qui le desservent, selon une activité répartie à la mesure de chacun »[290], nous nous donnons par cette organisation les moyens concrets de nous aider mutuellement à devenir plus efficaces afin de faire l'œuvre de Dieu.

I. Dépendance du Saint Siège et des évêques.

92 Institut séculier clérical de droit pontifical

Institut séculier clérical de droit pontifical, l' "Association des Prêtres du Prado" dépend immédiatement et exclusivement du Saint Siège pour son gouvernement et son organisation interne.

93. sous la pleine juridiction de leurs évêques

Les prêtres du Prado sont sous la pleine juridiction de leurs évêques.

[290] Eph 4,16

90.

Ho an'izay miala, nesorina na nifindra "Instituts" hafa dia ampiharina ny voalaza ao amin'ny Lalànan'ny (Eglizy laharana faha - 726 hatramin'ny 730).

FIZARANA FAHAEFATRA : FANDAMINAN-DRAHARAHA ATO AMIN'NY "FIKAMBANAN' NY PRETRAN'NY PRADO"

Toko fahasivy : Fandaminana amin'ny ankapobeny sy fifampitondràna

91.

Araka ny efa fantantsika, ao amin'ny Eglizy "ny vatana manontolo dia mitambatra sy mirafitra tsara noho ny firafetan'ny vanin-taolana izay mamorona azy araka ny asa tandrify azy ireo tsirairay avy"[291]. Koa hiezahantsika araka io rafim-pitondrana io, ny hananantsika fomba azo tsapain-tanana amin'ny fifanampiana mba hampahomby ny asan'Andriamanitra.

I - Fiankinana amin'ny Papa sy ny Eveka

92.

"Institut séculier clérical de droit pontifical", ny *"Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"*, dia miankina tanteraka sy manontolo amin'ny Fiketrahana Masina amin'ny lafiny fitondrana sy fandaminana anatiny.

93.

Ny Pretra Pradozianina dia eo ambany fifehezan'ny Evekany tanteraka.

[291] Efes. 4, 16

Comme les autres prêtres, ils reçoivent immédiatement de ceux-ci leur mission canonique.

II. Organisation par diocèse et région.

1. Organisation par diocèse

94. Si plusieurs pradosiens dans un diocèse, s'organiser en communauté diocésaine

Si nous sommes plusieurs pradosiens dans un même diocèse, nous nous organiserons en groupe ou communauté diocésaine.

95. D'autres organisations possibles si nécessaire

D'autres formes d'organisation entre pradosiens sont possibles quand la nécessité l'exige ou un meilleur service de notre vocation pradosienne.

96. Des directoires pour préciser l'organisation des Prado érigés

L'organisation des Prado diocésains et la désignation de leurs responsables sont précisées dans les directoires des Prado érigés.

2. Organisation par région.

97. Des communautés régionales érigées avec un directoire

L' "Association des Prêtres du Prado" comporte des communautés régionales érigées. Ces Prado régionaux érigés regroupent des pradosiens appartenant à plusieurs diocèses, selon les critères précisés dans le directoire général.

98. Conseil Général qui décide d'ériger ou supprimer un Prado régional

C'est au Conseil général qu'il appartient d'ériger les Prado régionaux, de les supprimer, de les unir ou de les circonscrire autrement, selon les critères définis dans le directoire général.

Toute modification des limites d'un Prado érigé suppose l'accord du conseil de ce Prado.

La suppression par le Conseil général d'un Prado érigé devra être ratifiée

Toy ny pretra rehetra, dia ny Eveka no manome fahefana sy alalana azy ireo amin'ny asa fanirahana.

II - Fandaminana isaky ny diosezy sy vondrom-paritra

1 - Fandaminana eo amin'ny diosezy

94.

Raha misy maromaro isika pradozianina ao amin'ny diosezy iray dia aoka hivondrona ka hamorona ankohonana diosezianina.

95.

Azo atao koa ny mitady rindran-damina hafa raha hita fa tena ilaina sy hahasoa ny fivelaran'ny antso maha-Prado izany.

96.

Ny lamina amin'ny Prado diosezianina sy ny fanendrena izay ho mpiandraikitra azy ireo dia efa voafaritra mazava ao amin'ny sori-dalana ho an'ny Prado eo an-toerana.

2 - Fandaminana isaky ny vondrom-paritra

97.

Ny "*Fikambanan'ny Pretran'ny Prado"* dia mitsinjara ho ankohonana isam-paritra. Ny Prado amin'ny vondrom-paritra dia fivondronan'ireo mpikambana avy amina diosezy maromaro, araka ny voafaritra ao amin'ny Sori-dalana ankapobeny.

98.

Anjaran'ny Filan-kevitra ambony ny manapa-kevitra amin'ny fanorenana ny vondrom-paritry ny Prado, ny fanafoanana azy, na manao famaritana hafa, araka izay sivana voafaritra ao amin'ny Sori-dalana ankapobeny.

Ny fanovana ny faritry ny Prado najoro dia heverina ho toy ny faneken'ny Mpanolon-tsain'io Prado io.

Ny fanafoanana vondrom-paritra iray ataon'ny Filan-kevitra ambony dia

par l'Assemblée général de l'Institut.

99. Un responsable régional élu en assemblée

Chaque Prado régional érigé a son responsable et son conseil élus par l'ensemble des pradosiens de la région ou leurs délégués, réunis en assemblée.

100. Une élection pour 6 ans maximum

Les responsables des Prado érigés, ainsi que les membres de leur conseil, sont élus pour une période qui ne doit pas dépasser six ans.

Ils sont élus de la même manière que le Responsable général et les membres de son conseil (cf. n. 127 et 128)

101. Le responsable d'un Prado érigé doit être incorporé perpétuellement

Le responsable d'un Prado érigé doit être incorporé perpétuellement.

102. Un Prado Régional pleinement responsable de ses membres

Chaque Prado régional érigé est pleinement responsable de ses membres, selon ce qui est établi dans les constitutions et le directoire général.

Il établit son organisation particulière selon les caractéristiques de sa tradition ecclésiale, dans la fidélité au charisme du Père Chevrier et en conformité avec le droit propre de l'Institut.

Les directoires des Prado érigés, adoptés par leurs assemblées, doivent être présentés pour approbation au Conseil général.

103. Un directoire qui précise la composition de l'assemblée

La composition des Assemblées des Prado érigés doit être précisée dans leurs directoires.

104. Quand pas de Prado érigé sur un territoire, sous l'autorité directe du Prado général

Les pradosiens qui résident ou exercent leur ministères dans des

tsy maintsy hankatoavin'ny Fivoriam-ben'ny "Institut".

99.

Ny vondrom-paritra dia manana mpiandraikitra iray sy mpanolo-tsaina iray izay fidian'ny mpikambana rehetra amin'io faritra io na ny solon-tena izay miara-mivory.

100.

Ny Mpiandraikitra ny Prado sy ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra izay voafidy dia mitantana ny fikambanana tsy mihoatra ny enina taona.

Mitovy ny fomba fifidianana azy sy ny tompon'andraikitra ambony (faha - 127 sy 128).

101.

Ny mpiandraikitra ny Prado dia tsy maintsy mpikambana mandrapahafaty.

102.

Ny Prado amin'ny vondrom-paritra tsirairay no tompon'andraikitra feno amin'ny mpikambana ao aminy, araka izay voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana sy ny Sori-dalana ankapobeny.

Izy no manao ny fandaminana manokana araka ny fomba mampiavaka ny Eglizy, kanefa tsy mifanohitra amin'ny aingam-panahin'i Père Chevrier sy mifanaraka tsara amin'ny zo maha-fikambanana azy.

Ny sori-dalan'ny Prado eo an-toerana, neken'ny mpikambana, dia tsy maintsy atolotra ny Filan-kevitra ambony mba hankatoaviny.

103.

Ny firafitry ny Fikambanan'ny Prado dia tsy maintsy voafaritry ny sori-dalana mifehy azy.

104.

Ny mpikambana izay monina na manatanteraka ny fandraharahana amin'ny

territoires où il n'y a pas encore de Prado érigé, sont sous l'autorité directe du Responsable général et de son conseil.

On cherchera à faire en sorte que dans ces pays les pradosiens puissent se donner une certaine organisation provisoire et qu'il y ait des responsables locaux.

105. Droit de trouver tout ce qui est nécessaire là où l'on vit sa mission

Tout pradosien, pour vivre sa vie pradosienne, doit trouver ce dont il a besoin et avoir la possibilité d'exercer ses droits dans le Prado diocésain et le Prado régional où il accomplit de manière habituelle son apostolat en fonction de la mission reçue.

III. Les laïcs consacrés dans l'Association.

106. Droit à une organisation particulière des laïcs consacrés

A l'intérieur de chaque Prado érigé, les laïcs consacrés ont le droit d'avoir une organisation particulière, selon un directoire approuvé par le Conseil général.

Le groupe des Frères ainsi constitué forme une fraternité.

107. Directoire pour les laïcs consacrés

Dans ce directoire, on précisera ce qui concerne leur admission et leur formation, en conformité avec les normes des constitutions. Il appartient aux responsables majeurs d'admettre à la formation et à l'engagement.

108. Représentation des laïcs consacrés dans l'institut

Les laïcs consacrés sont représentés dans les organes de gouvernement de l'Institut selon des modalités indiquées dans les divers directoires.

109. Favoriser les échanges entre frères des diverses régions

Le Responsable général et les responsables des Prado érigés auront le souci de favoriser des liens et des échanges entre les frères des différentes régions afin que cette manière de suivre le charisme du Père Chevrier se

toerana mbola tsy misy vondrom-paritra dia eo ambany fitantanan'ny Mpiandraikitra ambony sy ny mpanolo-tsainy.

Hotadiavina kosa anefa ny fomba hahazoan'ny mpikambana amin'ireo firenena ireo manao fandaminana vonjimaika sy hananan'izy ireo mpiandraikitra eo an-toerana.

105.

Ny mpikambana rehetra, mba hiaina ny fiainana pradoziana, dia tsy maintsy mitady izay rehetra ilainy sy ananany mba hahafahany maneho ny zo maha-Prado dioseziana sy Prado isaky ny vondrom-paritra izay anatontosàna tsy tapaka ny asa fanirahana araka ny fandraharahana noraisiny.

III - Ireo Lahika voatokana ao amin'ny Fikambanana

106.

Ao anatin'ny « Prado érigé » tsirairay, ny laika voatokana dia manan-jo hanana rafitra manokana araka ny sori-dalana nankatoavin'ny Filan-kevitra ambony.

Ny frera mivory dia mivondrona ho Firahalahiana iray.

107.

Hatao mazava tsara, amin'izany sori-dalana izany, ny fandraisana sy ny fanofanana azy ireo, izay hifanaraka amin'ny fitsipika voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana. Anjaran'ny mpiandraikitra ambony ny manome alalana amin'ny fiofanana sy ny fanomezan-toky.

108.

Mandray anjara amin'ny fitantanana ny "Institut" ny laika voatokana araka ny fepetra tondroin'ny sori-dalana samihafa.

109.

Ny Tompon'andraikitra ambony sy ny mpiandraikitra ny vondrom-paritra dia hiahy ny fivelaran'ny rohim-pihavanana sy ny fifanakalozana eo amin'ny Frera samihafa Fiaviana mba hivelatra tsara ity fomba fiainana ny

développe réellement dans ces régions.

IV. Incardination au Prado

110. Règle générale : incardination dans leur diocèse

Les prêtres du Prado sont en règle générale incardinés dans leur diocèse.

111 exceptionnellement : incardination au Prado

Exceptionnellement, on pourra incardiner à l'Institut quelques membres pour le service du Prado et de sa mission.

Seul le Responsable général peut décider d'une éventuelle incardination avec le consentement du Conseil général, selon les principes généraux définis par l'Assemblée générale. Il prendra l'avis du responsable du Prado érigé, si le candidat à l'incardination appartient à un Prado érigé ; dans les autres cas, il consultera le responsable du Prado local.

En ce qui concerne les séminaristes candidats à l'incardination au Prado, on tiendra compte du canon 266 du Code, selon lequel l'incardination dans l'Institut est possible seulement après l'engagement perpétuel.

V. Séminaristes et Séminaire

112. Possibilité première formation pour séminaristes

Les séminaristes qui s'orientent vers le Prado pourront recevoir la première formation pradosienne durant le temps de leur préparation au ministère presbytéral. Les prêtres du Prado ont la responsabilité de les aider à mûrir leur vocation.

113. Un séminaire pour former selon les caractéristiques de la vocation du Prado

L' "Association des Prêtres du Prado" a un séminaire pour former des prêtres pauvres destinés à l'évangélisation des pauvres. La préparation au ministère s'y fait selon les caractéristiques de la vocation et de la mission du Prado, et selon les normes de l'Eglise pour la formation des clercs.

aingam-panahin’i Père Chevrier ity amin’ireo faritra ireo.

IV - Fonenana ao amin’ny Prado

110.

Araka ny fitsipika ankapobeny, ny Pretra Pradozianina dia mipetraka sy miasa ao amin’ny diosezy iaviany ihany.

111.

Singanina manokana fa noho ny asa sy ny iraka ampanaovina azy kosa dia misy mpikambana sasany o atokana hiasa raikitra ao amin’ny “Institut”.

Ny Tompon’andraikitra ambony irery no afaka manapa-kevitra momba ity fanomezana andraikitra manokana ity rehefa nahazo ny fankatoavan’ny Filan-kevitra ambony, araka ny sata ankapobeny voafaritry ny Fivoriam-be. Haka ny hevitry ny mpiandraikitra ny vondrom-paritra izy, raha monina sy miasa amin’io vondrom-paritra io ny olona voatendry, raha tsy izany, dia ny tompon’andraikitry ny Prado misy azy no hilàna hevitra.

Momba ireo seminarista te-hiditra tanteraka ao amin’ny Prado kosa, araka ny Lalànan’ny Eglizy laharana faha-266, dia tsy azo atao raha tsy efa mahavita ny fanomezan-toky mandrakizay.

V - Ny Seminarista sy ny Seminera

112.

Ny Seminarista manam-paniriana ho Padoziana dia afaka manaraka ny fiofanana voalohany mandritra ny fiofanany amin’ny fandraharana maha-pretra. Ny pretran’ny prado no tompon’andraikitra hanampy amin’ny fahamatoran’ny fiantsoan’Andriamanitra ao amin’izy ireo.

113.

Ny “*Fikambanan’ny Pretran’ny Prado”* dia manana Seminera hanofanana pretra voatendry hitory ny Evanjely amin’ny mahantra. Ny fanomanana amin’ny fandraharahana dia tanterahina araka ny fomba mampiavaka ny fiantsoan’Andriamanitra sy iraka ao amin’ny Prado, sy araka

114. Sous la responsabilité du Responsable Général

Le séminaire est sous la responsabilité du Responsable général et de son Conseil.

VI. Les associés

115 Possibilité d'être associé (prêtres, diacres et laïcs)

Conformément à sa tradition, l' "Association des Prêtres du Prado" peut s'associer des personnes (prêtres, diacres et laïcs) qui veulent vivre de la spiritualité du Prado et qui participent à sa mission auprès des pauvres.

116 En réponse à l'appel de Dieu dans l'état de vie qui est le leur prendre le Père Chevrier pour guide pour suivre Jésus-Christ

En s'associant au Prado, ces personnes veulent, en réponse à un appel de Dieu, vivre de la plénitude de la vie chrétienne et la perfection de la charité dans l'état de vie qui est le leur, en prenant pour guide le Père Chevrier. Elles s'efforceront de grandir dans la connaissance de Jésus Christ par une lecture fréquente de l'Evangile, d'avoir une vie simple et de donner une place aux pauvres dans leur vie, pour promouvoir ainsi plus d'humanité dans les conditions d'existence et témoigner de l'esprit des Béatitudes.

On devient associé par une demande formelle adressée à un responsable majeur, qui devra demander le vote délibératif de son Conseil pour l'accepter.

Ces personnes ne font pas l'engagement qui incorpore à l'Institut; mais l'acceptation du Responsable leur donne le droit de participer à certaines activités du Prado et aux décisions les concernant, ainsi que de s'organiser selon des modalités précisées dans les directoires des Prado érigés.

ny lalàn'ny Eglizy momba ny fanofanana pretra.

114.

Ny Semineran'ny Prado dia ny Tompon'andraikitra sy ny Mpanolon-tsaina no mitantana azy.

VI – Ny Mpikambana

115.

Araka ny fomba efa nifandovana, ny "Fikambanan'ny Pretran'ny Prado" dia ahitana sokajin'olona maro mivondrona (pretra, diakra sy laika) izay maniry hanaraka ny fiainam-panahin'ny Prado ary handray anjara amin'ny asa fanirahana eo anivon'ny mahantra.

116.

Miombona amin'ny Prado izy ireo, ary maniry ny hamaly ny antson'Andriamanitra amin'ny fiainana feno ny maha-kristianina sy ny fahalavorariam-pitiavana araka ny sokajim-piainana misy azy ireo, eo ambany fitantanan'i Père Chevrier. Hiezaka hitombo amin'ny fahalalana an'i Jesoa Kristy amin'ny famakiana matetika ny Evanjely izy ireo, hanana fiainana tsotra sy hanome anjara toerana ho an'ny mahantra eo amin'ny fiainany, ka hampivoatra ny taranak'olombelona amin'ny fiainana andavanandro sy ho vavolombelon'ny fahasoavan'ny Fahasambarana.

Amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra alefa amin'ny tompon'andraikitra ambony no idirana amin'ny vondrona, rehefa neken'ny mpanolo-tsaina tamin'ny fanaovana latsa-bato malalaka.

Tsy manao fanomezan-toky hiaina ao amin'ny "Institut" ireo olona ireo; kanefa ny faneken'ny tompon'andraikitra dia manome alalana azy ireo handray anjara amin'ny asa aman-draharahan'ny Prado sasantsasany sy amin'ny fanapahan-kevitra mahakasika azy ireo, ary ny fifandaminana araka izay voalaza ao amin'ny sori-dalana momba ny vondrom-paritra.

117. Les responsables de l'Institut doivent soutenir ces associés

Les responsables de l'Institut doivent soutenir ces associés.

VII. L'autorité à l'intérieur de l' "Association des Prêtres du Prado".

118. responsabilités exercées en conformité avec les orientations du Saint Siège et des évêques au service de la fidélité au charisme

Les responsables, à quelque niveau qu'ils se trouvent, exercent la fonction dont ils ont la charge en conformité avec les orientations du Saint Siège et des évêques.

L'autorité des responsables concerne la vie pradosienne et la mission du Prado : elle est au service de la fidélité personnelle et communautaire des membres à leur vocation de disciple et d'apôtre telle qu'elle est précisée dans ces statuts.

119. Un seul maître : Jésus-Christ. Responsables appelés à se remplir de l'Esprit de Dieu

Quelle que soit la forme dont on participe à l'autorité, on se rappellera « qu'il n'y a qu'un seul Maître et Supérieur qui est Jésus Christ » et que l'autorité s'exerce en dépendance de Dieu. « Un supérieur de la terre ne doit rien faire de lui-même ; il doit tout faire par Jésus Christ et en union avec Jésus Christ »[292]

Il faut que les responsables se remplissent de l'esprit de Dieu par la prière, l'étude, la réflexion et en demandant conseil, afin d'être de bons et fidèles serviteurs de Jésus Christ auprès de leurs frères.

117.

Ny mpiandraikitra ny "Institut" dia tsy maintsy manohana an'ireo vondrona ireo.

VII - Nv fifampifahezana anaty ao amin'ny "Fikambanan'ny Pretran'ny Prado".

118.

Ny mpiandraikitra isan'ambaratongany dia manatontosa ny adidin'izy ireo araka ny torolalana omen'ny Papa sy ny Eveka.

Ny fahefan'ny tompon'andraikitra dia mikasika ny fiainana pradoziana sy ny asa fanirahana ataon'ny Prado : izany dia miompana amin'ny tsy fivadihana amin'ny fiantsoan' Andriamanitra maha-mpianatra sy irak'i Kristy azy ireo araka izay voasoritra ao amin'ny sata.

119.

Na manao ahoana na manao ahoana fomba fitondra, dia aoka hotsaroana fa "tokana ihany ny Mpampianatra sy ny Mpifehy dia i Jesoa Kristy" ary ny fahefana dia ankinina amin'Andriamanitra. "Tsy afa-manao na inona na inona ho azy ny manam-pahefana eto an-tany; tsy maintsy ataony amin'ny anaran'i Jesoa Kristy sy miombona amin'i Jesoa Kristy avokoa ny zavatra rehetra"[293].

Ny tompon'andraikitra dia tokony ho heniky ny fanahin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka, fianarana, fandinihana sy filana torohevitra, mba ho mpanompo tsara sy mahatoky ho an'i Jesoa Kristy eo anivon'ny rahalahiny.

[292] Véritable Disciple p. 527
[293] Ny Mpianatra Marina, p. 527

1. Statuts et directoire :

120. Constitutions

Les constitutions ou statuts, approuvés par le Saint Siège, règlent la vie de l'ensemble de l'Institut

Ils ne peuvent être modifiés que par l'Assemblée générale après un vote de la majorité des 2/3 et l'approbation du Saint Siège.

121. Des directoires

En plus des statuts, le directoire général est l'expression du droit propre.

Il doit être établi par l'Assemblée Générale à la majorité des 2/3. Il peut être modifié dans les mêmes conditions par l'Assemblée générale.

122. Les responsables exercent leur autorité selon les statuts et le directoire général

Les responsables exercent leur autorité selon les statuts et le directoire général.

2. L'Assemblée Générale

123. l'Assemblée Générale

Dans l'Institut, l'autorité est détenue en premier par l'Assemblée générale.

Elle se réunit ordinairement tous les 6 ans sur convocation du Responsable général.

Elle a pour but d'élire le Responsable général et les membres de son conseil. Elle traite aussi des affaires générales de l'Institut.

Elle peut proposer au Saint Siège des modifications aux statuts et prendre des décisions ou adopter des orientations valables pour tout l'Institut.

1. Ny sata sy ny sori-dalana

120.

Ny lalàm-panorenana na sata nankatoavin'ny Papa no mifehy ny fiainan'ny "Institut" manontolo.

Ovaina izany raha tsy efa nolanian'ny Fivoriam-be tamin'ny roa am-pahatelon'ny latsa-bato sy ny fankatoavan'ny Papa.

121.

Ankoatra ny sata, ny sori-dalana ankapobeny dia fanehoana zo voafaritra tsara.

Ny roa am-pahatelon'ny Fivoriam-be no mametraka azy. Ary dia ny Fivoriam-be ihany koa no afaka manova azy araka io fepetra io.

122.

Ny mpiandraikitra dia manatanteraka ny fahefany araka ny sata sy ny sori-dalana ankapobeny.

2. Ny Fivoriam-be

123.

Ao amin'ny "Institut", ny mpikambana ao amin'ny Fivoriam-be no mitana ny fahefana.

Mivory isaky ny enina taona izy ireo rehefa nantsoin'ny Tompon' andraikitra ambony.

Ny tanjona dia mba hifidy izay hoTompon'andraikitra ambony sy ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra. Misahana ny fandehan-draharaha amin'ny ankapobeny koa ny Fivoriam-be.

Afaka manolotra volavolan-kevitra ho fanovana ny sata amin'ny Papa ny Fivoriam-be ary manapa-kevitra na manova ny rafi-pitondrana mety ho an'ny "Institut" manontolo.

124. Assemblée Générale extraordinaire

Une Assemblée générale extraordinaire peut être convoquée, pour prendre des décisions, par le Responsable général après vote délibératif du Conseil général.

125 Composition de l'Assemblée Générale

L'Assemblée générale est composée de membres de droit et de membres élus.

1) Sont membres de droit : le Responsable général, les membres du Conseil général, les responsables des Prado régionaux érigés.
2) Le Conseil général peut désigner comme membres d'une Assemblée générale les anciens responsables généraux, le secrétaire général, l'économe général, le responsable général de la formation, le supérieur du séminaire.
3) Pour l'élection des autres membres de l'assemblée, on tiendra compte des critères suivants :
   - Sont électeurs en vue de la désignation des délégués à l'Assemblée générale ceux qui ont fait l'engagement temporaire et ceux qui ont fait l'engagement perpétuel.
   - Sont éligibles comme délégués à l'Assemblée générale ceux qui ont fait l'engagement perpétuel.
   - Le nombre des membres de droit et des membres désignés par le Conseil général ne devra jamais dépasser le tiers du total des membres de l'Assemblée.
     On veillera à ce que les régions soient représentées proportionnellement à l'importance numérique de leurs membres et on fera en sorte que les laïcs consacrés soient convenablement représentés, ainsi que les Prado minoritaires en nombre.
   - Pour favoriser la participation des Prado naissants à l'Assemblée générale le Conseil général peut décider qu'un pradosien qui a seulement fait son engagement temporaire soit éligible comme délégué à l'Assemblée générale.
   4) C'est le Conseil général qui précisera les modalités de désignation des délégués à l'Assemblée générale, un an, autant que possible, avant la

124.

Raha misy fanapahan-kevitra tena ilaina dia azon'ny Tompon'andraikitra ambony atao ny miantso Fivoriam-be tsy ara-potoana rehefa nolanian'ny Filan-kevitra ambony tamin'ny alalan'ny latsa-bato.

125.

Ny Fivoriam-be dia ahitana mpikambana manana zo sy mpikambana voafidy.

1 - Ireto avy ny tompon'andraikitra mahefa : Tompon' andraikitra ambony, Filan-kevitra ambony, mpiandraikitra ny vondrom-paritra.
2 - Azo tendren'ny Filan-kevitra ambony ho mpandray anjara amin'ny Fivoriam-be koa ny Tompon'andraikitra ambony taloha, ny sekretera jeneraly sy ny mpitantana ara-bola, ny mpiandraikitra ambony momba ny fiofanana, ny lehiben'ny seminera.
3 – Eo amin'ny fomba fifidianana hafa amin'ny fivoriam-be : dia jerena ireto mason-tsivana ireto :
   - Izay nahavita ny fanomezan-toky voafetra sy fanomezan-toky mandrakizay dia mpifidy izay hotendrena handray anjara amin'ny Fivoriam-be.
   - Izay nahavita fanomezan-toky mandrakizay no azo fidiana ho solon-tena amin'ny fivoriam-be.
   - Tsy mihoatra ny ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny Fivoriam-be ny Tompon'andraikitra manam-pahefana sy ireo voatendrin'ny filan-kevitra.
     Samy hanana solon-tena avy ny vondrom-paritra arakaraky ny habetsahan'ny mpikambana ao aminy, ary dia ho voasolo tena ao koa ny laika voatokana sy ireo Prado vitsy an'isa.

   - Mba ahafahan'ny Prado vao manomboka amin'ny fivoriam-be dia azon'ny Filan-kevitra ambony atao ny manapa-kevitra fa azo fidiana handray anjara amin'ny Fivoriam-be ny mpikambana iray na dia ny fanomezan-toky voafetra ihany aza no mbola nataony.
   4 - Ny Filan-kevitra ambony, araka ny voasoritra etsy ambony, no hanazava ny fombafomba fanendrena izay ho solon-tena amin'ny

date d'ouverture de l'assemblée, en tenant compte des critères ci-dessus.

126. Président de l'Assemblée Générale

Le Président de l'Assemblée générale est le Responsable général ou, à son défaut, le premier Assistant. Il préside l'Assemblée et veille à ce que celle ci se déroule selon les normes établies dans le directoire général.

127 Critères d'élection du responsable général

Le Responsable général est élu par l'Assemblée pour une période de 6 ans.

Il doit être âgé d'au moins 35 ans et avoir fait son engagement perpétuel depuis au moins 3 ans.

Il faut qu'il puisse être libéré de toute autre charge avec l'autorisation de son évêque.

L'élection du Responsable général se fait au scrutin secret.

